

n° 41

# Ny Feon'ny Mpiompy Trondro

Ny gazetin'ny fiompiana trondro eto Madagasikara

Mivoaka isaky ny telo volana

Desambra 2018

## TANTSAHA MPITARIKA

### Analamanga

« Olona maherin'ny 10  
no resiko lahatra hanao  
fiompiana trondro » (P. 3)



### Atsinanana

Manamboatra  
dobo barazy ho  
an'ny tantsaha  
(P. 5)



### Amoron'i Mania

Barivelo, mpitarika  
fikambanana tantsaha,  
miaro ny fiompiana trondro (P. 4)



## SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

An-kafaliana hatrany no anoloranany anareo ity laharana vaovaon'ny gazety ity. Araka ny efa hitantsika tao amin'ny laharana teo aloha dia nasiana fanatsarana ny endrika sy ny votoatin'ny gazetintsika. Ireo fanovana ireo dia vokatry ny hetahetanareo mpamaky.

Ity laharana faha 41 ity dia nampitondrana ny lohahevitra hoe tantsaha mpitarika. Na hoe tantsaha mpampita, tantsaha mpampiofana, tantsaha mpitarika, *maitre exploitant*, sns., no fiantso azy ireo dia misy hatrany ireo tantsaha malagasy misongadina amin'ny fandraisan'anjara amin'ny fampandrosoana ny seham-pihariana iray. Mampihatra teknika nohatsaraina izy ireo, tia mampivoatra, mifanakalo hevitra ary manaparitaka ny fahaiza-manaony. Maro amin'ireo mpiompy trondro miaraka amin'ny APDRA no tantsaha mpitarika.

Fanadihadiana maro no hamantarantsika azy ireo ato anatin'ity laharana ity. Na eo amin'ny fisoloan-tena ny mpamokatra anatin'ny seha-pihariana trondro, ny fitadiavana vahaolana ara-teknika hiadiana amin'ny halatra na ny vahaolana handaminana ny fivarotana, ny fanolorana taoraharaha ho an'ny mpamokatra hafa na ny hanaparahana ny teknika, dia ho hitanareo fa mavitrika araka ny maha-izy azy avy izy ireo. Ary aza hadino fa misy ihany koa ny vehivavy «tantsaha mpitarika», tahaka an-dRamatoa Olga.

Manaraka izany, hoentina ao amin'ny «Taratsin'ny mpamaky» ny fahitan'ny mpamaky ireo lahatsoratra nivoaka tao amin'ny laharana teo aloha (n°40). Ny pejy natokana ho an'ny «mpiarahamiasa» indray dia hahitantsika ny fiarahan'ny APDRA sy ny Afdi mahakasika ny fanohanana ireo fikambanana tantsaha any amin'ny faritra Matsiatra Ambony.

Mirary anareo hamaky finaritra izahay !

**Ny ekipan'ny FMT**

## LOHAHEVITRA : Tantsaha mpitarika

**Analamanga**

### Hampiroborobo ny varotra trondro velona ao an-toerana

*Monina ao Ambohidranomanga, kaominina Antanetibe Mahazaza, distrikan'Ambohidratrimo i Andriambololona Yvon Donnat. Filoha lefitry ny fikambanana FMTMM (Fikambanan'ny Mpiompy Trondro Mihavotra Mahazaza) izy ary nivarotra trondro velona tamin'ny fampiakarany vokatra farany. Mandray anjara amin'ny hampiroboroboana io karazam-barotra io izy ka mizara ny traikefany amin'ireo mpikambana namany.*

Nanandrana nivarotra trondro velona teo an-toerana i Donnat. Trondro velona vitsivitsy ihany no namidiny nefa nahatsapany fa mahaliana ny olona teo an-toerana sy tany amin'ireo kaominina manodidina ny fividianana trondro velona izay azo antoka ny fiaviany. Taorian'io andrana io no nanapahany hevitra miaraka amin'ireo mpiray fikambanana aminy mba hametraka ho tanjona ny hampiroboroboana ny fivarotana trondro velona.

Vokatry ny andrana nataon'i Donnat dia resy lahatra ireo mpikambana ao amin'ny FMTMM fa azo atao ny hampiroborobo ny fivarotana trondro velona izay hahafahan'izy ireo manatsara ny fari-piainany. Ny sasany tamin'izy ireo dia nanatrika foara tao amin'ny kaominina Mahitsy izay mpifanila vodirindrina aminy ary nahatsapa avy hatrany fa mahasarika mpanjifa ny trondro velona. Mba hampiroboroboana ny varotra trondro velona, dia hiezaka hampitombo ny vokatra amin'ny alalan'ny fanomezandanja ny fiompiana trondro ny mpikambana. Efa nahazo fiofanana mahakasika ny fanamboarana sakafo-trondro tamin'ny



*Te hampiroborobo ny varotra trondro velona i Donnat*

tetikasa AMPIANA ireo mpikambana ka mikasa ny hanamboatra sakafo-trondro amin'ny alalan'ny akora misy eo an-toerana. Maminavina ny handray anjara amin'ireo foara eo an-toerana sy ny kaominina manodidina ny mpikambana mba hampisehoana ny trondrony sy hampitombo ireo mpanjifa.

## VAOVAO TAPATAPANY

### Ny fitsidihana fifanakalozana nataon'ireo mpikambana ao amin'ny VISTI

Vokatry ny fiara-miasa teo amin'ny DRRHP (Sampan-draharaham-paritry ny harena anaty rano sy ny jono) sy ny APDRA Itasy dia mpikambana miisa 21 avy amin'ny vovonana VISTI (Vovonana Ifaharan'ny Sehatra Trondro Itasy) sy ny fikambanana FMTAA (Fivondronan'ny Mpiompy Trondro Ambatomirahavavy sy Alakamisy) no nanatanteraka fitsidihana fifanakalozana ny 3 hatramin'ny 8 oktobra 2018 lasa teo.

Faritra telo eto Afovoan-tany no notsidihana : Analamanga, Itasy sy Vakinankaratra. Tanjona lehibe amin'izany ny hanatsara ny toeran'ny lalam-pihariana trondro eo anivon'ny toekaren'ny

faritra Itasy, amin'ny alalan'ny fametrahana asa maharitra sy ahazoan'ny mpikamban'ny vovonana tombony. Nandritra ny fitsidihana ireo toeram-pivarotana trondro velona izay tantanan'ny fikambanana mpiompy trondro no niresahana ny fandaminana manodidina ny varotra mba hiantohana ny fisian'ny trondro, ny fikojakojana ny fotodrafitrasa sy ny fampifandraisana ny mpivarotra sy ny mpamokatra.

Rehefa nifarana ny fitsidihana dia nanapakevitra ny hiara-hiasa ny VISTI sy ny FMTAA mba hametrahana toeram-pivarotana iraisana hamatsiana ny renivohitra.

## LOHAHEVITRA : Tantsaha mpitarika

### Analamanga

## « Olona maherin'ny 10 no resiko lahatra hanao fiompiana trondro »

Ho fantarintsika ato anatin'ity fanadihadiana ity ny asa fanentanana nataon'i Jean Jacques Randrianirina ao Ambohiboahangy, kaominina Antanetibe Mahazaza, distrikan'Ambohidratrimo. Mpamokatra zanatrondro sy mpanatavy trondro izy sady mitantana ny fikambanan'ny mpiompy trondro eo an-toerana. Ny taona 2014 no nanombohany niompy trondro ary ny taona manaraka dia efa nanentana ny olona mahakasika ny tombotsoan'ny fiompiana trondro izy.



Fampiakaram-bokatra nataon'i Jean Jacques tany amin'ny mpiompy iray

**FMT : Inona no nahatonga anao hanentana olona amin'ny fiompiana trondro ?**

**Jean Jacques :** Ny fitsidihana toeram-piompiana trondro no nampirisika ahy hanentana ny hafa amin'ny fampiharana ny fanatavizana trondro, eny hatramin'ny famokarana zanatrondro ho an'ireo izay mahafeno ny fepetra ilaina. Asa tsy sarotra ny fiompiana trondro nefa ahazoana tombony. Ny fihaonana matetika tamin'ny mpamokatra sy ny tetikasa AMPIANA koa no nahatsapako fa raha betsaka ny mpiompy eto amin'ny faritra dia hihena ny olona tahaka ny fahaverezan-trondro, ny tsy fahampian'ny zanatrondro, sns.

**FMT : Ahoana no fomba nanentananao olona ?**

**Jean Jacques :** Nampita ny fahaizako sy ny traikefako amin'ny fiompiana trondro aho. Nomeko toromarika ihany koa ireo mpividy zanatrondro amiko. Notsidihiko ny toeram-piompian'ny manodidina ka nahafahako nanoro ny isan'ny zanatrondro

ilaina sy ny fatran'ny zezika tokony hoentina isan'andro araka ny karazan-trondro. Tsy nisy sarany ny fitsirihana nataoko satria nahazo fiofanana ara-teknika tamin'ny APDRA ny tenako.

Nikarakara fitsidihana fifanakalozana niaraka tamin'ny teknisianina koa aho hijerena ireo fanajariana tanimbary fanatavizana (tahalaka sy dobo fitehirizana) tany amin'ny kaominina hafa. Olona 12 no nandray anjara ka izy ireo ihany no niantoka ny lany tamin'ny dia. Tsapan'ireo mpiompy trondro fa ahitana zava-baovao sy manamora ny fizarana traikefa ny fifanakalozana amin'ny mpamokatra hafa. Nanatanteraka fiaraha-mivarotra zanaka karpa sy trondro matavy ihany koa ny mpanatavy anjara.

**FMT : Nanao ahoana ny vokatra azonao ?**

**Jean Jacques :** Hatramin'ny nanombohako ny fanentanana dia olona maherin'ny 10 no resiko lahatra hanao fiompiana trondro. Ireo olona voantana izay afapo tamin'ny vokatra azony voalohany dia nampitombo ny velaran'ny tany fiompian'ny sady nitarika ny hafa hiompy koa. Ny sasany vao nanomboka niompy ka hanao ezaka amin'ny fanitarana ny toeram-piompian'ny fotoam-piompiana manaraka.

**FMT : Inona no vinavinanao amin'ny hoavy ?**

**Jean Jacques :** Mieritreritra ny hanitatra ny fizarana traikefa amin'ny olona mipetraka lavitra aho. Ho an'ireo izay tsy nahazo afa-tsy torohevitra tamiko dia tiako ny hitsidika ny toeram-piompian'ny. Ireo mpiompy mividy ny zanatrondroko no betsaka mila ny torohevitra. Hatreto dia tsy mbola misy sarany ny fandehanako mampiofana satria akaiky ny toerana anaovana izany. Raha lavitra kosa ilay toerana dia ireo mpiompy trondro mangataka fiofanana no handoa ny fandanianana (saran-dàlana sy sakafo) mifanaraka amin'izany.

### Analamanga

## Manentana ny manodidina hiadiana amin'ny halatra trondro

Efatra taona izao no naha-mpamokatra zanatrondro sy trondro matavy an-dRajaonarison Raymond, monina ao amin'ny fokontany Ankadivory, kaominina Nandihizana, distrikan'i Manjakandriana. Tamin'ny 2017 izy no niara-niasa tamin'ny tetikasa AMPIANA. Asehony antsika ao anatin'ity fanadihadiana ity ny paikady nentiny niady tamin'ny halatra trondro tao amin'ny fokontany misy azy.

**FMT : Inona no antony anentananao ny olona manodidina anao amin'ny fiompiana trondro ?**

**Raymond :** Tany am-piandohana dia izaho irery no niompy trondro teto amin'ny fokontaninay ka nisedra olona goavana tamin'ny fandriampahalemana satria nisy nangalatra matetika ny trondroko. Noheveriko fa raha mitombo ny

isan'ny mpiompy trondro dia hihena tsikelikely ny halatra sy ny ankasomparana. Izany no nahatonga ahy hanentana ny manodidina amin'ny fiompiana trondro.

**FMT : Ahoana no fomba fanatanterahanao ny fanentanana ?**

**Raymond :** Amin'ny maha-mpamokatra zanatrondro ahy dia misy torohevitra momba ny teknika fiompiana omeko ireo

## LOHAHEVITRA : Tantsaha mpitarika

izay maniry hanatavy : hakitroka, sakafo sy fanamasahana. Rehefa tonga mizara gazety [FMT] ny teknisianina dia tiako ny mizara ny fahalalako sy mifampidinika amin'ireo mpamokatra hafa. Nomeko lahintrondro sy renintrondro mihitsy aza ireo olona tsy nanana kanefa naniry ny hiroso amin'ny famokarana zanatrondro. Vokat'izay dia nahazo zanatrondro na trondro vaventy aho tamin'ny fiakaram-bokatra.

Te hisaotra ny APDRA aho amin'ny fampiofanana noraisiko ka nahafahako nampita tamin'ny manodidina ireo teknikam-piompiana trondro.

**FMT : Nanao ahoana ny vokatra taorian'ny fanentanana ?**

**Raymond :** Amin'izao fotoana izao dia miisa 11 ny mpiompy trondro eto amin'ny fokontaninay. Tamin'ny fotoanan'ny fampanatodizana dia tsapako fa nihena hatramin'ny 30 % ny halatra renintrondro tany amin'ireo mpiompy teto aminay. Nanome trondro ahy koa ireo izay nahazo vokatra tsara taorian'ny fotoam-piompiana. Na teo aza ny fanentanana sy ny fampiofanana dia mbola sakana lehibe amin'ny fampiharana ny fiompiana trondro eto aminay ny halatra, ny tondra-drano sy ny toetr'andro (ny hatsiaka, ny avandra...). Tanjon'ny mpiompy trondro ety, araka izany, ny hanangana



Raymond Rajaonarison, eo an-kavanana amin'ny sary

fikambanana hiara-hiasa sy hamaha ireo olona ireo. Lanja miakatra ny fiainana ka iriko ny hanaraka fiofanana momba ny fampitana fahaiza-manao sy teknika fanjohina sy fanentanana hahafahako manitra ny fahalalako sy mampandroso ny fiompiana trondro eto amin'ny fokontany misy ahy.

### Amoron'i Mania

## Barivelo, mpitarika fikambanana, miaro ny fiompiana trondro

*Mampitombo ireo asa fampandrosoana ny tontolo misy azy i Fidinandrasana Lucien Barivelo sady misahana ny fianakaviany sy ny famboleny. Tanjony ny hahatonga ny fianakaviana tantsaha tsirairay hahaleo tena ary tsy ho lasa vesatry ny fiarahamonina. Mipetraka ao Vohimalaza, kaominina Ambositra II, distrikan'Ambositra i Barivelo.*

Ankoatra ny fiompiana trondro dia miompy akoho, bitro, omby vavy be ronono ary kankana fanao zezika i Barivelo. Mamboly vary sy vilona ihany koa izy. Araka ny heviny dia mifampiankiana avokoa ireo famokarana ireo ka tsy misy azo ajanona. Mandray andraikitra hafa maro amin'ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra koa izy. Sady mpanindrona akoho izy no mpanentana tantsaha ao amin'ny VSL (Village Saving and

Loans), filohan'ny FIFATAM (Fikambanana Fampivoarana ny Tantsahan'Amoron'i Mania) ary mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fiompiana trondro. Manampy azy amin'ny fijerena ny asa maika tokony hotanterahina ny vadiny ka ireo asa mitondra soa ho an'ny mpiara-monina no atao lohalaharana.

#### Mpanindrona akoho sy tantsaha mpampita

Nanaraka fiofanana momba ny fiompiana akoho ka lasa mpanindrona izy ny taona 2011. Tsy misalasala mihitsy izy mamaly ireo fanontaniana maro apetrak'ireo tantsaha momba ny teknikam-piompiana. Tia mifandray amin'ny teknisianina izay ampitany ireo fanontaniana tsy voavaliny izy. Izany no nahatonga azy ho lasa tantsaha mpampita ny taona 2015. Ny manodidina, ny mpikambana ao amin'ny FIFATAM, eny fa na ireo olona ivelan'ny faritra, dia nahazo tombotsoa tamin'ny fanaovany vaksiny sy ny torohevitra teknika nomeny.

#### Mpanentana tantsahan'ny VSL

Efa mpanentana ara-piarahamonina tao amin'ny tetikasa ADRA Salohy (tetikasam-pampandrosoana ambanivohitra novatsian'ny USAID vola) izy. Fantatra sy nankasitran'ny olona tamin'ny taoraharaha nomeny i Barivelo ka voafidy ho mpanentana tantsahan'ny VSL tamin'ny 2012. Fikambanana miisa 11 no avondron'io rafitra io ka manao tahiry iombonana ny mpikambana. Ifampizaran'izy ireo ny vola voaangona



Fitsidihan'i Barivelo mpamokatra zanatrondro iray ao amin'ny FIFATAM

## LOHAHEVITRA : Tantsaha mpitarika

amin'ny fotoanan'ny maitso ahitra, miverina mitahiry indray izy ireo amin'ny fararano. Tsy karamaina i Barivelo fa manaramaso ny asa sy ny fandehan'ireo fikambanana, manoro hevitra sy manelanelana ireo mpikambana raha misy olana.

### Filohan'ny fikambanana FIFATAM

Voafidy ho filohan'ny FIFATAM i Barivelo tamin'ny 2015, sampan'ny fikambanana tantsaha nasionaly FIFATA (jereo FMT n° 40, p.7) any amin'ny faritra. Andraikitri Barivelo ny mihaino ny hetahetan'ny tantsaha sy mamaly izany amin'ny alalan'ny fitadiavana mpiara-miombon'antoka. Izy koa no misolo tena ny fikambanana amin'ny fivoriana ary mandray anjara amin'ny asa iarahana amin'ny teknisianina.

### Mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fiompiana trondro

Seham-pihariana mahaliana an'i Barivelo ny fiompiana trondro satria sady fialamboly no ahazoan'ny fianakaviany vola sy sakafo. Araka izany, hanitarany io lalam-pihariana io dia niditra tao amin'ny Vaomieran'ny Fiompiana trondro ao anaty fiarahamiasan'ny APDRA/FIFATA izy tamin'ny 2017.

Ny solontenan'ireo fikambanana tantsahan'ny FIFATA any amin'ny faritra sy miara-miasa amin'ny APDRA no mamorona io vaomiera io. Andraikitri Barivelo ny maka ny hetahetan'ny tantsaha, mandray anjara amin'ny fivoriana fanovozam-baovao sy fikarohan-kevitra hanatsarana ny fiompiana trondro.

### Atsinanana

## Manamboatra dobo barazy ho an'ny tantsaha

*Benja Louis, 54 taona, mpikambana ao amin'ny vondron'ny mpiompy trondro ao amin'ny Camp pénal, kaominina Ambodivoananto, distrikan'i Vatovavy-Fitovinany dia malaza amin'ny fanamboarana dobo barazy. Nanampy tamin'ny fanamboarana dobo barazy miisa 6 izy taorian'ny telo taona naha-mpikambana azy.*

**FMT : Sarotra ve ny manajary dobo barazy araka ny hevitrao ? Inona no tena manavanana anao ?**

**Benja Louis :** Telo taona izay, nivondrona ny mpiompy trondro teto amin'ny fokontaninay satria nahita fa mila ezaka lehibe ny fanamboarana dobo. Miara-miasa izahay ao amin'ny vondrona hanamaivana ny asa fanorenana ary tena mahomby izany. Isan-kerinandro ny vondrona no mihodina manampy ny mpikambanana tsirairay amin'ny fanajariana.

Teknika maro toy ny fanamboarana tatatra fanarian-drano mihoatra, fotodrafitrasa fanarian-drano no nampianarina anay saingy ny famolavolana ny fanajariana iray manontolo no tena manavanana ahy. Mahafantatra izany daholo ny olona ety. Olona maro ankoatra ny mpikambana ato amin'ny vondrona no mangataka ahy hizaha ny tanin'izy ireo ary mbola manohy mamolavola dobo aho amin'izao fotoana izao. Tsy mampiasa *lunette topographique* aho amin'izany fa rehefa mandalo manamarina izany ny mpiasan'ny APDRA dia tsy misy loatra ny fahadisoana. Izaho no manao ny famolavolana fa manampy amin'ny asa fanorenana ihany koa nefa.

**FMT : Inona ireo dingana arahinao amin'ny fanorenana ?**

**Benja Louis :** Ny olona liana amin'ny fiompiana trondro no miantso ahy. Aorian'izay dia mitsirika ny taniny aho na dia tsy misy teknisianina aza mba hahitana na mety na tsia amin'ny fanorenana dobo ilay toerana. Raha mety dia miditra ao amin'ny vondrona ilay olona ary miandry ny anjarany amin'ny fotoana ahatongavan'ny vondrona manatanteraka asa any aminy.

**FMT : Ahoana ny fandaminan'ny vondrona ny asa ary firy ny dobo vitanareo ?**

**Benja Louis :** Isaky ny talata sy alakamisy izahay no miara-miasa. Tonga amin'ny fivoriana daholo ny mpikambana sady



*Benja Louis eo ambony moine-n'ny dobo iray*

mitondra vary iray kapoaka avy. Ny mpiasa no mahandro ! Tao anatin'ny telo taona, dobo enina no vitanay.

Nisy ihany ny olona satria sarotra ny mitondra olona. Nisy adihevitra mikasika ny famolavolana fanajariana izay voatery nanapahako hevitra. Arahin'ny vondrona anefa ny torohevitra satria atokisan'izy ireo aho amin'ny fanamboarana dobo.

**FMT : Inona no tanjonao amin'ny fanamboarana dobo barazy ?**

**Benja Louis :** Amin'izao fotoana izao dia olona maro no liana amin'ny fanamboarana dobo ary tsy maharaka ny teknisianina noho ny tsy fahampian'ny fotoana. Te hanampy ireo olona ireo aho. Maro ireo efa miantso ahy ary na tsy eo intsony aza ny APDRA dia vonona ny hanohy ny asa aho hampitombo isa ny mpiompy trondro !

Vao haingana ny tetikasa Asa Avotra Mirindra vatsian'ny FID (Fonds d'Intervention pour le Développement) vola no nanakarama ahy nohon'ny fanampiano tamin'ny fametrahana fandritana tamin'ny dobo kaominaly naorina teto amin'ny fokontany. Nokaramain'izy ireo aho tamin'io asa io taorian'ny nahafantarany ny fahaiza-manaoko amin'ny famolavolana sy fanamboarana dobo barazy.

## LOHAHEVITRA : Tantsaha mpitarika

Atsinanana

### Olga, mpiompy trondro an-tanimbary mpitarika eo amin'ny faritra misy azy

Razafindramanga Olga avy ao Maromadinika dia vehivavy voalohany nanao fiompiana trondro an-tanimbary tao amin'ny kaominina Tsivangiana, distrikan'i Mahanoro. Andraikitra maro no sahaniny : sefom-pokontany, filohan'ny FEEFI (fikambanan'ny ray aman-drenin'ny mpianatra) sy ny vondron'ny mpiompy trondro ao amin'ny tapany atsimo iasan'ny APDRA ; mpikambana ao amin'ny « vehivavy valo mars » ao amin'ny kaominina sy ny VOAMAMI (vondron'olona manao tahiry sy findramam-bola iombonana).

**FMT : Araka ny hevitrao, inona no atao hoe tantsaha mpitarika ?**

**Olga :** Amiko, ny mpitarika dia olona liana amin'ny fampandrosoana ny fiarahamonina misy azy ary mavitrika. Ohatra, manentana ny manodidina sy mandray andraikitra amin'ny asa rehetra ilàna ahy aho. Vonona ny hanome torohevitra sy sosokevitra, ary hamaha izay olana entina eto amiko aho.



Olga, mpiompy trondro an-tanimbary mpitarika

**FMT : Ahoana no ahavitanao ireo asanao rehetra ireo ?**

**Olga :** Manana lamina manokana aho amin'ny fanatanterahana. Misy fandaharan'asa miaraka amin'ny fitsinjarana asa fenoiko araka izay zava-miseho sy filàna misy aho. Nanatrika fiofanana maro mikasika ny fitantanana

fotoanatao amin'ny campus paysan (toeram-pampiofanana tantsaha) aho.

**FMT : Inona no nanosika anao hamboly sy hiompy an-tanimbary ?**

**Olga :** Tato amin'ny fokontaninay dia tsy nisy mpiompy trondro ka nividy trondro lafo izahay. Nahaliana ahy ny fiompiana trondro an-tanimbary tamin'ny fanentanana nataon'ny teknisianin'ny APDRA nandalo teto amin'ny fokontaninay tamin'ny volana janoary 2018. Nanentana ny manodidina aho ka lasa filohan'ny vondrona mpiompy trondro an-tanimbary sy an-dobo miaraka amin'ny APDRA aty amin'ny faritra Atsimo.

**FMT : Inona no zava-bitanao miohatra amin'ireo asa maro sahaninao ireo ?**

**Olga :** Nahavita zavatra maro aho, toy ny fanokafana sekoly iombonana tamin'ny 2016, vokatry ny asa maha-sefom-pokontany ahy. Ao amin'ny VOAMAMI, fikambanana miisa 50 (olona 400) no sahaniko. Amin'ny maha-mpiompy an-tanimbary ahy, sefom-pokontany sy filohan'ny FEEFI, maniry ny hamorona vala-tanimbary fiompiana ho an'ny ankizy ao amin'ny sekoly vaovaon'Ambodiarany aho. Hatao sakafon'ny ankizy ny ampaham-bokatra azo amin'izany, ny ambiny hampiakarana ny karaman'ireo mpampianatra mpanampy.

**FMT : Ahoana ny fahitanao ny fanentanana amin'ny fiompiana trondro ?**

**Olga :** Sarotra ny manentana olona, mila mampihatra, manome ohatra azony arahina sy torohevitra ahitam-bokany.

## MPIARA-MIASA

### Afdi/APDRA

### Miara-manohana ny fikambanana tantsaha

Ao amin'ny faritra Matsiatra Ambony, miara-miasa amin'ny Afdi (Agriculteurs français et développement international) ny APDRA hampandrosoana ny fiompiana trondro eo anivon'ny fikambanana tantsaha (FT). Afdi dia fikambanana tantsaha frantsay mandray anjara amin'ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra. Resahan'i Julie Lecomte, tompon'andraikitra ao amin'ny Afdi, manaraka eto izany fiaraha-miasa izany.

**FMT : Inona no iraka ataon'ny Afdi ?**

**Julie :** Fanomezana fitaovana anatsaran'ny fianakaviana tantsaha ny fidiram-bolany no iraka ataon'ny Afdi, miaro ny tombotsoan'izy ireo ary mampiray ny FT avy ao Atsimo sy Avaratra. Eto Madagasikara, miara-miasa amin'ny FT 10 eny amin'ny faritra sy ny Réseau SOA ny Afdi. Ny famatsiam-bola ny fambolena, ny fanampiana ireo tanora tantsaha sy ny

fanofanana tantsaha tomponandraikitra no tena iarahan'ny Afdi sy ny SOA .

**FMT : Nanao ahoana ny fanombohan'ny fiaraha-miasa ary nahoana no manana toerana lehibe ao anatin'izany ny FT ?**

**Julie :** Nanomboka niara-niasa tao Fianarantsoa ny APDRA sy Afdi tamin'ny 2006, araka ny fangatahan'ny FT mpiara-miasa amin'ny tetikasa fanjarian-tsakafo PSA Tafita. Tanjona ny



hanamafisana ny teknika famokarana trondro. Hatreo dia maro ireo FT miara-miasa amin'ny Afdi nifandray tamin'ny APDRA mba hiofana amin'ny fiompiana trondro. Ohatra maneho ny fiaraha-miasan'ny FT/fikambanana ny fiarahan'ny Fitarikandro/Afdi/APDRA : Fitarikandro manolotra hevitra ny mpamokatra sy taoraharaha maro (famatsiana, fivarotana, sns.), APDRA manofana ny teknisianina sy ny tantsaha mpampitan'ny FT, Afdi manetsika ny vola hanohanana ny teknisianina sy hanamafisana ny fahaiza-manaon'ny tantsaha tompon'andraikitra amin'ny fitondrana sy fitantanana taoraharaha. Miarakana manohana ny Fitarikandro amin'ny fananganana ny drafitra paikadiny, fampitam-baovao momba ny seha-pihariana sy ny mpiara-miasa misy ny APDRA sy ny Afdi. Miantoka ny faharetan'ny asa eo anivon'ny mpamokatra io fiaraha-miasa io : ny fikambanana toa ny APDRA sy ny Afdi izay tsy natao hitoetra, mifanohitra amin'ny Fitarikandro. Ankoatra izay, mpikambana ao amin'ny VFTM (Vondrona Fampandrosoana ny Tantsaha eto Matsiatra Ambony) ny Fitarikandro, fikambanana nasionaly miaro ny tombotsoan'ny mpiompy trondro rehetra ao amin'ireo vovonan'ny faritra.

**FMT : Inona no mbola antony anohizan'ny APDRA sy ny Afdi ny fanohanana ny FT ?**

**Julie :** Ankehitriny dia mila fivondronana matanjaka ny tantsaha hahazoany mifampiresaka amin'ny Fanjakana sy misitraka taoraharaha mahomby. Ao Matsiatra Ambony, mitovy ny olana sedrain'ny mpiompy trondro rehetra : torohevitra teknika vitsy, olan'ny halatra, ny fifehezan-drano sy ny fivarotana. Mifandamina ary ankehitriny ireo FT mpiompy trondro mba hanangana paikady iombonana hoentiny eo anivon'ny Fanjakana sy ny FDA (Fonds de Développement Agricole) eny

amin'ny faritra. Mitaky fandalinana tsara ny seha-pihariana izany asa izany, fifampiresahana tsy tapaka eo amin'ny tantsaha sy ireo mpisehatra, ary koa fahaiza-mitantana sy mitondra matotra ny fanatanterahana azy. Izany no fomba hanohanana ny Afdi sy ny APDRA ireo FT ao Matsiatra Ambony.

**TARATASIN'NY MPAMAKY**

**Fahitan'ny mpamaky ny FMT n° 40**

« Ny takelaka lalao sy sakafo no jereko voalohany raha vao tonga ny gazety satria manita-tsaina sady mampikarokaroka. Indraindray hitako ny valin'ny lalao saingy tsy fantatra ny dikany. Ohatra : inona ny atao hoe pluviomètre ? » Razafindravelo Marie Lucie, fille d'un alevineur (Talata Ampano)

- Ny pluviomètre dia fandrefesana ny fatran'ny orana milatsaka.

« Manaitra ny lahatsoratra mikasika ny APDRA/FIFATA noho izy manana mpikambana be dia be eran'i Madagasikara. Ahoana no fomba fidirana ho mpikambana ao ? » Rakotonomenjanahary Elisa (Talata Ampano)

- Manatona ny biraon'ny FIFATA eny anivon'ny faritra

« Mahazo tombony bebe kokoa ny mpikambana ao amin'ny FIFATA satria manana teknisianina mpamangy betsaka kokoa ka azo antoka fa tena tsara ny vokatra azon'ireo tantsaha ireo. » Razafimahatradraibe Thiery (Soaindrana)

« Tena ilain'ny tantsaha ny vaovaon'ny mety ho toetry ny andro. Azo ampiana ve ny fanazavana famakiana ny tabilao ? Ahoana no ampifandraisana ny rotsak'orana sy ny haintany na ny fisian'ny rivo-doza ? Misaotra ! » Randrianarijaona Augustin (Soaindrana)

- Hiezaka hanisy fanazavana bebe kokoa izahay, aza misalasala anefa manontany ny teknisianinay eny ifotony

« Mahaliana ilay fampihemorana ny fampanatodizana trondro satria tena be ny rano amin'ny volana desambra. » Rovandrainy Ralijaona (Andoharanomaitso)

**NY METY HO TOETRY NY ANDRO**

Natambatray ny vinavinan'ny toetr'andro manomboka ny volana janoary ka hatramin'ny martsa 2019, any amin'ireo faritra iasan'ny APDRA. Isaoranay ny sampan-draharahan'ny famantarana ny toetr'andro nanome anay izany. Marihinay sy ampahatsiahinay anareo fa vinavina natao volana vitsivitsy mialoha ihany ireo. Ahafahantsika mahita ny fironana ankapobeny izany fa tsy manoro ny tena ho toetry ny andro.

**Vinavinan'ny rotsak'orana (fatran'ny orana milatsaka) isam-paritra**

Fatra voarefy amin'ny milimetatra (mm)

Faritra	Janoary 2019	Febroary 2019	Martsa 2019
Atsinanana	Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana (sal : 385 mm)	Latsaka be amin'ny salan'ny rotsak'orana (sal : 465 mm)	Latsaka be amin'ny salan'ny rotsak'orana (sal : 470 mm)
Analamanga	Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana (sal : 325 mm)	Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana (sal : 255 mm)	Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana (sal : 160 mm)
Itasy	Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana (sal : 335 mm)	Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana (sal : 345 mm)	Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana (sal : 215 mm)
Vakinankaratra	Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana (sal : 270 mm)	Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana (sal : 210 mm)	Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana (sal : 165 mm)
Amoron'i Mania	Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana (sal : 290 mm)	Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana (sal : 210 mm)	Latsaka kely amin'ny salan'ny rotsak'orana (sal : 165 mm)
Matsiatra Ambony	Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana (sal : 255 mm)	Ambony noho ny salan'ny rotsak'orana (sal : 205 mm)	Latsaka kely amin'ny salan'ny rotsak'orana (sal : 140 mm)

Sal = salan'ny rotsak'orana ; Latsaka kely amin'ny salan'ny rotsak'orana : - 30 mm ; Ambony na ambany : +/- 50 à 70 mm ; Latsaka be : - 100 mm

**Fanamarihana fanampiny**

Mahakasika ny vinavinan'ny maripana, vinavinaina hihoatra atsasaka *degré* na mihoatra amin'ny salan'ny maripana manerana ny faritra rehetra.

Amin'ny volana febroary 2019, tokony ho mailo amin'ny fahabetsahan'ny rotsak'orana izay mety hitarika fiakaran'ny renirano sy tondra-drano ny faritra Matsiatra Ambony ; toy izany koa ireo faritra rehetra ao amin'ny faritanin'Antananarivo teo aloha, amin'ny volana martsa 2019. Araka


ny vinavina dia ho vitsy ny rotsak'orana amin'ny volana febroary sy martsa 2019 ka mety hisy fiantraikany amin'ny famatsian-drano any amin'ny faritra Atsinanana sy ny tapany Atsimon'Analamanga.

Farany, ny volana janoary hatramin'ny martsa, tahaka ny isan-taona, dia fotoanan'ny rivo-doza. Ampirishinay ianareo, araka izany, mba hanaraka ny vaovao sy handray ny fepetra fisorohana mialoha raha misy filazana momba izany.

# SAMIHABA


## RARINTENY

Fenoy amin'ny alalan'ny famaritana etsy ambany ny karakara



- |   |   |
|---|---|
| 1. Fivondronan'ny olona mba hiarovana ny tombontsoa iraisana        | 5. Ilazana ny olona manaiky ny fahamarinan'ny zavatra iray nolazaina taminy   |
| 2. Entina manampy olona ho fanatsarana ny asany                     | 6. Olona miaina eny ambanivohitra ary mivelona amin'ny fiompiana sy fambolena |
| 3. Mifanohitra amin'ny maty   | 7. lantsoana ireo tantsaha mpampiofana na mpizara fahalalana ara-tekhnika     |
| 4. Tantsaha misongadina amin'ny fampandrosoana seham-pihariana iray |   |

Valiny :  
 1. Fikambanana  
 2. Torohivitra  
 3. Velona  
 4. Mpitarka  
 5. Reslhatra  
 6. Tantsaha  
 7. Mpampita



## Trondro amin'ny voanio

### Zavatra ilaina :

- Trondro salantsalany 2 (manodidina ny 250 g)
- Tongolobe 2
- Menaka
- Voanio voakiky
- Rano, sira

### Fikarakarana

1. Karakaraina sy diovina ny trondro
2. Endasina anaty lapoaly ny tongolobe voatetika
3. Ahandroina miaraka amin'ny tongolobe sy rano kely amin'ny afo malefaka ny trondro



Trondro amin'ny voanio

4. Arotsaka anaty rano mangotraka (iray vera eo ho eo) ny voanio voakiky ary tatavanina amin'ny lamba manify ahazoana ny ranony.
5. Arotsaka ao amin'ny trondro ny ranon'ny voanio amin'ny faran'ny fahandroana

Mazotoa homana ô !



APDRA  
 Pisciculture Paysanne  
 Antenne Madagascar  
 La Résidence Sociale  
 Antsirabe - MADAGASCAR  
 Tél. (261) (20) 44 489 89  
 www.apdra.org  
 lvrp@apdra.org

*Talen'ny Famoahana*  
 Barbara Bentz

*Tonian'ny Fanoratana*  
 Sidonie Rasoarimalala

*Mpanoratra*  
 Julie Mandresilahatra  
 Sylvain R. Rafanomezantsoa  
 Tojo Randriamamonjy  
 Samson Randriamiantsoa  
 Sahoby S. Randrianarivelo  
 Arli José Randrianirina  
 Mariette Rasoanantenaina  
 Vola Ratiarivelo